Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

ILAY TERAKA JAMBA (Jaona 9)

Fampidirana.

Ny Filazantsara efatra dia mitantara an'i Jesosy nampahiratra jamba avokoa. Fitantarana tsotra na fohy ihany no hitantaran'ireo Filazantsara synoptika izany (Matio, Marka, Lioka) izany (Mat.9.27-30 ; 11 :22 ; 20 :29-34 ; Mar.8 :22-25 ; 10 :46-52 ; Lio.18 :35-43).

I Jaona kosa dia tsy tahaka izany ny fitantarany ny amin'ilay teraka jamba fa mahatratra andininy 41 no itantarany izany. Ny vontoatin'ny Filazantsara nosoratany mihitsy no nasehony tamin'ity tantara ity. Narindrany ho toy ny famantarana manambara ny maha-Izy an'i Jesosy sy ny asany amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy izany etsy an-daniny, ary manambara ny Ray izay naniraka an'i Jesosy hamonjy izao tontolo izao etsy an-kilany ny fitantarany, izay miendrika famelabelarana momba ny finoana, milaza ny zotra arahin'ny mino (*le cheminement du croyant*). Izao raha ambara tsotra ny hevitra iaingàna : Ny fandraisana ny asan'i Kristy sy ny fanekena Azy dia manova ny olona ary mahatonga azy mahita mazava ny fiainany, eny na dia ny zava-manahirana azy aza, ho toerana hanehoan'Andriamanitra ny fahasoavany sy hanatanterahany ny fikasàny (*son plan*).

Hita ato amin'ity fitantarana ity ny fampianarana fototra ny amin'ny anton'ny batisa, izay varavarana hidirana ho amin'ny fiainana. Ity teraka jamba ity dia mampiseho (*représenter*) ny olona rehetra, izay mila ny asan'Andriamanitra eo amin'ny fiainany, vao afaka hahalala Azy. Jesosy Kristy no nirahin'Andriamanitra ho Fahazavana ho an'izao tontolo izao, manafaka ny olona amin'ny haizin'ota manjaka amin'ny natera-behivavy rehetra. Ny fanondroana ny anaran'ilay farihy, Siloama = nirahina, *envoyé*, dia anisan'ny famantarana sy fampianarana mitarika ny mpamaky ho amin'ny fahatakarana izany, manambara an'i Kristy sy ny asany (nirahina hanadio amin'ny ota sy hanazava amin'ny alalan'ny teniny cf.Jao.15:3).

Mibahana eto amin'ity fitantarana ity ny fiampangana na fitsaràna (*procès*) naterak'izao fanasitranana nataon'i Jesosy izao. Tsy dia nisy loatra manko ny olana raha toa ka tsy nanao feta tamin'ny rora Jesosy ka nahosony ny mason'ilay jamba. Noraisin'ny Jiosy ho toy ny ASA izany ka nanjary fandikàna lalàna satria natao tamin'ny andro Sabata. Henjana manko ny lalàna momba ny fanajàna ny andro fahafito : « *Fa Sabatan' i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito; koa aza manao raharaha akory hianao amin' izany, na ny zanakao-lahy, na ny zanakao-vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao, na ny biby fiompinao, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao.* » (Eks.20 :10, vakio koa Lev.23 :3,28,31a ; Deo.5 :14)

Mampalahelo ihany ity lehilahy teraka jamba ity satria tafiditra ao anaty fifandirana sy romoromo be, nefa tsy nangataka ny hositranina akory.

Anisan'ny mampiavaka ny Filazantsaran'i Jaona ny fampivoirany ny fihaonan'i Jesosy amin'ny olona manokana (*rencontre individuelle*) :

- Nikodemosy (3)
- Ilay vehivavy samaritana (4)
- Ilay marary nandritra ny 38 taona teo amoron'ny farihy Betesda (5)
- Ilay vehivavy azo nijangajanga (8)
- Ity lehilahy teraka jamba ity (9)

Azo zaraina efatra lehibe ny toko :

1. Ny fahasitranan'ily lehilahy teraka jamba. (1-7)
2. Ny vokatry ny fanasitranana nataon'i Jesosy. (8-34)
3. Ny fihaonan'ilay jamba sitrana tamin'i Jesosy. (35-38)
4. Ny fanamabaràna nataon'i Jesosy ny amin'ny fahajambana sy ny fahazavana. (39-41)

I. NY FAHASITRANAN'ILY LEHILAHY TERAKA JAMBA.

1. Ny fihaonan'i Jesosy tamin'ilay lehilahy. (1)

Tao amin'ny kianjan'ny Tempoly Jesosy raha nampihaonina tamin'ilay vehivavy azo nijangajanga. Nifamaly tamin'ny Jiosy tao Izy noho ny nilazany ny tenany fa Zanak'Andriamanitra. Tezitra taminy ny Jiosy ka dia naka vato hitora-bato Azy izy ka dia niala teo amin'ny kianjan'ny Tempoly Jesosy (8 :59)

Tamin'izay Izy niala nankany ivelany izay no nahita ity lehilahy ity nipetraka nangataka Izy sy ny mpianany (8)

2. Ny fanontanian'ny mpianatra. (2-5)

« Iza no nanota, io lehilahy io ve no dia teraka jamba izy ? »

Voalohany, mety ho diso toerana ihany ny fanontanian'ny mpianatra satria tsy afaka hanota izy, izay vao ho teraka, satria jamba hatrany an-kibon-dreniny izy. Na izany aza dia ambaran'ny Baiboly fa *Andriamanitra dia Andriamanitra saro-piaro ka mamaly ny heloky ny ray amin' ny zanaka hatramin' ny zafiafy sy ny zafindohalika, dia amin' izay mankahala Azy; nefa kosa mamindra fo amin' ny olona arivo mandimby izay tia Azy ka mitandrina ny didiny*. (Eks.20 :5-6). Nefa koa dia ambaran'ny Tompo ao amin'ny Jer.31 :29-30 fa *« amin' izany andro izany izy dia tsy hanao intsony hoe: ny ray no nihinana voaloboka maharikivy, ka ny nifin' ny zanany no madilo. Fa ny olona rehetra samy ho fatin' ny helony avy; Izay rehetra homana ny voaloboka maharikivy. Dia izy ihany no hadilo nify. »*

« Iza no nanota, io lehilahy io, sa ny ray aman-dreniny, no dia teraka jamba izy ? »

Diso toerana ny fanontanian'ny mpianatra satria novalian'i Jesosy hoe : *« Tsy io lehilahy io no nanota, na ny ray aman-dreniny, fa ny hanehoana ny asan'Andriamanitra eo aminy. »*

Ny fikasan'Andriamanitra (*plan de Dieu*) nanirahany ny Zanany tety an-tany dia tsy ny hanondro ny meloka, na hiampanga, na hitsara, fa ny hampiseho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fahamarinany ary ny fitiavany izao tontolo izao. Ka dia nirahiny i Jesosy mba ho fahazavana ho an'ny olona (Jao.1 :4,9 : *« Izy no nisiam-piainana; ary ny fiainana no fanazavana ny olona. Tao ny tena Mazava Izay mahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao. »*) fa tsy hitsara izao tontolo izao akory (Jao.12 :47b : *« ...fa tsy tonga hitsara izao tontolo izao Aho, fa hamonjy izao tontolo izao. »*).

Matetika isika no toy ny mpianatra ihany koa, mametra-panontaniana hoe : *« Inona no nataoko (na nataony) no ozoin'izao zavatra izao aho ? Fitsaràn'Andriamanitra sa fitsapana ny finoana ? »* Matetika ny olona no mivavaka *plutôt* mba tsy hiharan'ny zavatra izay atahorany (tahotra loza, tahotra afobe, tahotra ho voakapok'Andriamanitra), fa tsy hoe mba hahatanterahan'ny hevitr'Andriamanitra (*projet, plan de Dieu*) eo amin'ny fiainany akory.

Jesosy Kristy eto dia mitarika ny sain'ny mpianatra hanakatra ny asa nanirahan'ny Ray Azy, dia ny hamonjy izao tontolo izao ho voninahitr'Andriamanitra fa tsy ny hitsara izao tontolo izao akory. Toy izany ihany no nolazainy tamin'ireo olona nirahin'i Marta sy Maria nanambara taminy fa marary i Lazarosy sakaizany : *« Tsy ho fahafatesana no anton' izany aretina izany, fa ny hampisehoana ny voninahitr' Andriamanitra, mba hankalazana ny Zanak' Andriamanitra. »* (Jao.11 :4)

3. Jesosy Kristy : fahazavan'izao tontolo izao, mampahiratra ny jamba.(6-7)

Nanao feta tamin'ny rora Jesosy : Tamin'ny vovoky ny tany novolavolainy tamin'ny tanany (tahaka ny fanaon'ny mpanao vilanitany) no nanaovan'Andriamanitra ny olona rehefa nofofoniny fofonaina mahavelona izy (Gen.2 :7). Eto dia nandrora tamin'ny tany i Jesosy ary nanao feta tamin'ny rorany (misy ny fofon'ainy ?) mba hahitan'ity lehilahy ity ny fahazavan'ny tontolo. Mampahatsiaro antsika ny asam-pahariana ny olona izao fomba nentin'i Jesosy nampahitra ilay jamba izao. Nohariany ho vaovao indray ny mason'ity jamba ity mba hahita.

Naniraka azy hisasa tany amin'ny farihy Siloama Izy. Manondro ny batisan'i Jesosy Kristy izany. Ilay nirahina (Siloama) no manadio ho afaka amin'ny haizin'ny fahajamban'ny ota. Tsy avy hatrany dia nahiratra ilay jamba raha vao nohosoran'i Jesosy ilay feta ny masony, fa nila nandeha nanatanteraka ny baikon'ny Tompo izy. Tsy misy vokany tanteraka ny asam-pamonjen' Andriamanitra raha tsy raisina sy inoana (henoina sy ekena ary ankatoavina).

Marihina fa tsy mbola nahita maso an'i Jesosy ilay lehilahy teraka jamba hatreto.

II. NY VOKATRY NY FANASITRANAN'I JESOSY.

1. Ny fanambaràn'ilay teraka jamba manoloana ny manodidina azy. (8-12)

Tonga vavolombelona manoloana ny manodidina azy ilay lehilahy sitrana. Nisy fiovana be teo amin'ny fiainany sy ny fihetsiny (afaka nandehandeha sy nifanerasera tamin'ny manodidina), hany ka nampametraka fanontaniana ny olona :

- Ity ve ilay nipetraka nangataka tetsy ?

Hoy ny sasany : - Izy io ; ary hoy kosa ny sasany : - Tsia fa tahaka azy fotsiny (*sosie*). Dia nampisara-tsaina ny manodidina azy ny asan'i Jesosy tamin-dralehilahy.

Fa hoy kosa ilay lehilahy : - ***IZAHO NO IZY*** (9b), izany hoe tena izaho ity fa tsy sandoka.

Dia mbola tsy afa-po ny olona (*curiosité incrédule*)

- Ahoana no nahiratan'ny masona ?

Hoy ny navaliny : - ***Ilay lehilahy atao hoe JESOSY*** no nanao feta, dia nanosotra ny masoko ka nanao tamiko hoe: Mankanesa any Siloama, ka sasao ny masonao; koa nandeha aho, dia nanasa azy, ka dia nahiratra. (11)

Dia mbola nitohy ihany ny fanadinana :

- Aiza moa izany Lehilahy izany?

Hoy ralehilahy : - ***Tsy fantatro*** (*izay misy azy*).

Tsy havelan'i Jesosy teo amin'izay hoe : « Tsy fantatro » (tao amin'ny tsy fahalalana) izay ity lehilahy ity fa hampian'ny Tompo izy etsy aoriana kely.

2. Ny fanambaràn'ilay teraka jamba manoloana ny Fariseo. (13-17)

Rehefa nanontanian'ny Fariseo izy dia ny zava-niseho ihany no nolazainy : *« Nasiany feta ny masoko, dia nosasako, ka nahiratra aho. »* (15) *« Zavatra iray loha ihany no fantatro: jamba aho teo aloha, fa mahiratra aho izao. »* (25)

Dia nitsara araka ny lalàna ny Fariseo ka dia nandà an'i Jesosy sy ny asany ; kanefa nizarazara ny heviny fa ny sasany nilaza fa tsy avy amin'Andriamanitra Jesosy fa mpanota satria tsy manaja ny Sabata, ary ny sasany nilaza fa raha mpanota izy dia tsy hahay manao fahagagana toy izao. Dia nampisara-tsaina ny ny Fariseo indray ny asan'i Jesosy tamin-dralehilahy.

Fa hoy kosa indray ralehilahy : - ***MPAMINANY IZY.***

3. Ny fanambaràn'ireo ray aman-drenin'ilay teraka jamba. (18-23)

Tsy nino ilay lehilahy ny Jiosy ka nampangainy ho mpisoloky izy (18), ka dia niantso ny ray aman-dreniny izy ireo.

- *Zanakareo moa ity, izay lazainareo fa teraka jamba? Koa nanao ahoana ary no nahiratany izao?*
- *Fantatray fa zanakay ity sady teraka jamba; fa tsy fantatray izay nahiratany izao; ary tsy fantatray izay nampahiratra ny masony; izy ihany no anontanio; efa lehibe izy, aoka izy no hilaza ny amin' ny tenany.*

Niala andraikitra ny ray aman-dreny (*responsable = répondre de, répondre à la place de*) ; sady tsy te-hamaly eo amin'ny toeran'ny zanany izy no tsy te-hamaly ho an'ny zanany. Nahoana ? Natahotra.

Tsy sahy nilaza sy nijoro tamin'ny marina ireto ray aman-dreny ireto. Tsy hoe diso hevitra na diso fijery izy ireo, fa nahalala ny tena marina saingy niaro tena ka nahafoy ny fahamarinana ary namela ny zanany hiady irery. Natahotra ny ho voaroaka hiala amin'ny Synagoga izy ireto, ka dia navelany ho voaroaka irery ny zanany.

Hita eto fa arakaraky ny nitomboan'ny hazavana tao amin'ilay jamba nahiratra no nitomboan'ny haizina teo amin'ireo manodidina azy sy ny Fariseo ary ny ray aman-dreny ; ny voalohany nitombo tamin'ny tsy finoana, ny faharoa nitombo tamin'ny fankahalana ary ny fahatelo nitombo tamin'ny tahotra sy ny fialàna andraikitra.

4. Ny fanambaràn'ilay teraka jamba indray. (24-34)

Mahagaga fa arakaraky ny fahasarotan'ny fiatrehany ny olona sy ny fanoheran'ireo no nahalatsa-paka ny finoan'ilay jamba nahiratra.
Nanomboka tamin'ny fihainoana sy fankatoavana ny baikon'ny Tompo ny finoan'ity lehilahy ity.
Tokony hotsipihina tsara fa tsy mbola nahita maso an'i Jesosy izy hatreto fa tena nanana ny finoan'ny tsy nahita maso : ampitahao amin'ny finoan'i Tomasy araka ny Jao.20 :25-29 : *«Dia hoy ny mpianatra sasany taminy: Efa nahita ny Tompo izahay. Fa hoy kosa izy taminy: Raha tsy hitako eo amin' ny tànany ny holatry ny nohomboana, ka ataoko eo amin' ny holatry ny nohomboana ny rantsan-tanako, ary ataoko eo amin' ny lanivoany koa ny tanako, dia tsy mba hino aho. Ary nony afaka havaloana, dia tafangona teo indray ny mpianany, ary teo koa Tomasy. Dia tonga Jesosy, rehefa voarindrina ny varavarana, ka nitsangana teo afovoany, dia nanao hoe: Fiadanana ho anareo. Ary hoy Izy tamin' i Tomasy: Atehefo eto ny rantsan' tànanao, ka jereo ny tànako; ary atehefo eto koa ny tànanao, ka ataovy amin' ny lanivoako; ary aza ho isan' izay tsy mino, fa minoa. Dia namaly Tomasy ka nanao taminy hoe: Tompoko sy Andriamanitro! Hoy Jesosy taminy: Satria nahita Ahy hianao, dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino.* » Azo lazaina fa tena vavolombelon'ny finoana mafy orina araka ny 1Pet.1 :6-9 : *« Izany no iravoravoanareo, na dia ampalahelovina vetivety ankehitriny amin' ny fakam-panahy maro samy hafa aza hianareo, raha tsy maintsy hisy izany, mba ho hita ho fiderana sy voninahitra ary fankalazana ny fizahan-toetra ny finoanareo (izay tsara lavitra noho ny volamena mety ho simba, na dia voazaha toetra tamin' ny afo aza), dia amin' ny hisehoan' i Jesosy Kristy; Izay, na dia tsy mbola hitanareo aza, dia tianareo, ary na dia tsy hitanareo ankehitriny aza, anefa, satria inoanareo, dia iravoravoanareo amin' ny fifaliana tsy azo tononina sady be voninahitra, mandray ny anton' ny finoanareo, dia ny famonjena ny fanahy. »*
Niaro hatrany ny fahamarinana reny sy nandresy lahatra ny fo amam-panahiny izy ka tsy natahotra na iza na iza tamin'izany, ary dia nanjary vavolombelona marina ny amin'i Jesosy.

5. Voaroaka ny Synagoga ilay teraka jamba. (34)

Mampieritreritra fa nandositra avy tao amin'ny kianjan'ny Tempoly i Jesosy, ary nahalala fa voaroaka koa avy tao amin'ny Synagoga (*exclus*) ity lehilahy ity noho ny asan'i Jesosy taminy sy ny fijoroany tamin'ny fahamarinana. Nihatra tamin'ity lehilahy ity izay nihatra tamin'i Jesosy. Tena mpanaraka an'i Jesosy izy eto noho ny fahasahiany nijoro ho vavolombelona.
Tsara marihina fa raha mbola jamba ity lehilahy ity dia tsy natosiky ny olona na noroahiny fa nekeny ho anisany, fa ankehitriny rehefa nahiratra noho ny asan'i Jesosy izy dia noroahiny ho any ivelany.

Tsy zava-baovao eo amin'ny fanambaràn'ny Soratra Masina ny fanenjehana sy fankahalana ary fandroahana ny mino noho ny finoany. *« Ary ho halan'ny olona rehetra ianareo noho ny anarako. »* (Mat.10 :22) vakio Mat.10 :16-22 ; Lio.21 :17 ; Jao.15 :18 ; 16 :2 ; 1Pet.4 :14,16 Noho izany dia azo lazaina fa tena lalan'ny mino mihitsy no nizoran'ity lehilahy ity ary ny vokatry ny finoany dia mifanaraka amin'izay efa napetrak'Andriamanitra.

III. NY FIHAONAN'ILAY TERAKA JAMBA TAMIN'I JESOSY. (35-38)

Voalaza tetsy ambony fa tsy navelan'i Jesosy teo amin'izay hoe : *« Tsy fantatro »* izay ity lehilahy ity fa nampiany. Ninia niseho taminy Jesosy ka rehefa hitany izy avy eo ka dia notarihany hino sy hahalala Azy. Hoy Jesosy :

- *Mino ny Zanak-Andriamanitra va hianao?*
- *Iza moa no Izy, Tompoko, mba hinoako Azy?*
- *Efa nahita Azy hianao, sady Izay miresaka aminao izao no Izy.*
- *Tompoko, mino aho.*

Dia niankohoka teo anatrehany izy.

Ny fihaonan'i Jesosy tamin-dralehilahy efa nahiratra ary nijoro tamin'ny fahamarinan'ny asan'ny Tompo taminy sy nanambara Azy tsy amin-tahotra, dia nahatonga ny finoany tena mazava sady mafy orina. Fantany ny maha-Tompo an'i Jesosy ary ninoany feno ka dia nanaja Azy feno izy.

IV. NY FANAMABARANA NATAON'I JESOSY NY AMIN'NY FAHAZAVANA. (39-41)

« Izaho ny fahazavan'izao tontolo izao. » Anisan'ny lohahevitra tian'i Jaona io mikasika ny maha-fahazavana an'i Jesosy io. Miverimberina ao amin'ny Filazantsarany io : Jao.1 :4,5,9 ; 3 :19 ; 8 :12 ; 12 :46. Jesosy no ilay mazava tonga hanazava izao tontolo izao anjakan'ny haizina ka manazava ny lalan'ny olona mizotra manatona an'Andriamanitra sy ho amin'ny fiainana mandrakizay. Fa ao amin'ny Soratra Masina, ny fahazavana dia midika ho fanafahana, fifaliana ary fiadanana ; fa ny haizina kosa dia midika ho alahelo, tsi-fahalalana, fitsaràna (fiampangana) ary fahatezerana. Ampifandraisin'i Jesosy eto ny fahiratana nomeny ilay jamba sy ny fahazavana entiny ho an'izao tontolo izao. Ny fahiratan'ity jamba ity dia toy ny fanoharana mampiseho ny fidiran'ity lehilahy ity ao amin'ny fahazavan'i Kristy.

Jesosy ny fahazavan'izao tontolo izao. Tsy milaza izany hoe manana ny fahazavana Izy, na mahay manome izany, na mampamirapiratra azy amin'izao tontolo izao, fa IZY NO ILAY MAZAVA. Ka ny olona manana ny mazava na mandeha amin'ny mazava dia olona manana an'Jesosy ao anaty, nandray azy (ao am-po). Koa ny finoana Azy dia ny fandraisana azy ho teraka ao anaty (Jao.3 :3,7) ka miray aminy (Jao.15 :4-7) sy manao ny sitrapony (15 :14).

Hoy ny Tompo ao amin'ny Jaona 12 :47b : *« Tsy tonga hitsara izao tontolo izao Aho, fa hamonjy izao tontolo izao. »*

Toa mifanohitra amin'izay nolazainy eto amin'ny tantara izany manao hoe : *« Ho fitsarana no nahatongavako amin' izao tontolo izao… »* (39a)

Raha jerena tsara anefa dia tsy mifanohitra ireo fa mifanazava ny amin'ny tena fototry ny asan'i Jesosy teto amin'izao tontolo izao, antony nidinany tety an-tany, dia ny *hitady sy hamonjy ny very*

mba tsy hiharan'ny fitsaràna izy. Hoy indrindra Jesosy ao amin'ny Jaona 3 :17-19 : *« Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin' izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao. Izay mino Azy dia tsy helohina; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran' ny Zanaka-lahy Tokan' Andriamanitra izy. Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin' izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon' ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany. »*

NB : Ny atao hoe mino an'i Kristy dia mino ny teniny, mino ny asany ary mino ny Anarany.

« Ho fitsarana no nahatongavako amin' izao tontolo izao… » (39a)
Tsy tonga hanameloka ny mpanota Jesosy fa tonga hamonjy sy hanafaka ny mpanota ao amin'ny haizina. Miorina amin'ny finoana Azy anefa izany famonjena sy fanafahana izany : *« Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran' Andriamanitra no mitoetra eo aminy. »* (Jao.3 :36) *« Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa hianareo. »* (Jao.8 :36)

« …mba hahiratra ny tsy mahiratra, ary mba ho tonga jamba kosa ny mahiratra. » (39b)
Hoy ny Tompo ao amin'ny Matio 13 :13-17 : *« Dia tanteraka aminy ny faminanian' Isaia, izay manao hoe: "Handre mandrakariva ihany hianareo, fa tsy hahafantatra: ary hijery mandrakariva ihany hianareo, fa tsy hahita; fa efa adala ny fon' izao olona izao. Ary efa lalodalovana ny sofiny, ary efa nakimpiny ny masony, fandrao hahita ny masony, sy handre ny sofiny, ka hahalala ny fony, dia hibebaka izy, ka hahasitrana azy Aho". Fa sambatra ny masonareo, fa mahita, ary ny sofinareo, fa mandre. Fa lazaiko aminareo marina tokoa fa maro ny mpaminany sy ny olona marina naniry hahita izay hitanareo, nefa tsy mba nahita; ary naniry handre izay renareo, nefa tsy mba nandre. »*
Ny Fariseo sy ny Jiosy dia nandre fa tsy nahafantatra, ary nijery fa tsy nahita, satria nanamarin-tena fa tsy mba nanamarina izay nolazain'i Jesosy tahaka ity lehilahy ity. Ny avonavony sy ny fifikirany amin'ny fahaizany no nanakana azy tsy hahita ny tena marina ny amin'ny tenany sy ny amin'i Jesosy, ka dia nitoetra tao anatin'ny haizin'ny tsi-fahalalana sy ny tsi-finoana izy : JAMBA IZY ary tsy afaka nandray fanasitranana.

Ny fahotana dia manajamba ny masontsika tsy hahita ny fahazavan'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fikasàny. Hatry isika vao teraka dia efa nohajambain'ny fijery sy ny fomba araka ny nofo sy ny fanahin'izao tontolo izao, ka dia mandeha amin'ny maizina. Ny avonavona sy ny fanamarinan-tena dia mandentika antsika ao anatin'ny haizin'ny fahotana, fa ny fandinihan-tena manoloana ny tenin'Andriamanitra kosa dia mitondra antsika ho amin'ny fibebahana handraisantsika fanasitranana sy ny fanavaozam-piainana ary ny fanahafana an'i Kristy ka mahatonga antsika mandeha araka ny Mazava.

Ny olona rehetra dia teraka mpanota (nateraka tamin'ny ota izany hoe nandova ota) ary manota. Hoy ny Rom.3 :10-12 : *« Tsy misy marina na dia iray akory aza; tsy misy izay mahafantatra, tsy misy izay mitady an' Andriamanitra. Samy nania avokoa izy rehetra, samy tsy mahasoa avokoa izy rehetra; tsy misy izay manao ny tsara na dia iray akory aza. »* Araka ny fanambaràn'ny Soratra Masina, ny fahoriana sy ny aretina ary ny fahafatesana dia vokatry ny ota manjaka eo amin'izao tontolo izao noho ny ozona tao Edena, ary mila ny Tompo ho mpanafaka sy mpamonjy amin'izany isika. (Jao.8 :26, cf. Mat.9 :12b-13b ; Lio.19 :10) Hoy ny 1Jaona1 :5-10 : *« Ary izao no teny renay taminy ka ambaranay aminareo: Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy maizina akory ao aminy. Raha hoy isika: Manana firaisana aminy isika, kanefa mandeha amin' ny maizina, dia mandainga*

isika ka tsy manao ny marina. Fa raha mandeha eo amin' ny mazava isika, tahaka Azy eo amin' ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran' i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin' ny ota rehetra. <u>*Raha hoy isika: Tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy ato anatintsika*</u>*. Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra.* <u>*Raha hoy isika: Tsy nanota isika, dia mampandainga Azy, ary ny teniny tsy ato anatintsika*</u>*. »* Ny tenin'Andriamanitra hazavain'ny Fanahy Masina no mampahafantatra antsika ny marina momba antsika (Jao.16 :7-11) ka manondro ny fahotana ao anatintsika sy mampiaiky antsika ny amin'ny helotsika ary mampanatona antsika hodiovin'i Kristy.

FAMPIHARANA

1. Tsy voatery mifamatotra amin'ny fahotana nataon'ny olona iray ny zava-dratsy miseho eo amin'ny fiainany (aretina, loza, fahasahiranana, sembana, fahafatesana, sns…) ka ilazàna avy hatrany hoe voakapok'Andriamanitra na nosazian'ny Tompo. Matetika mitady *coupable* no *reflexe* voalohany aty amintsika. Tsarovy ny tantaran'i Joba sy ny teny nataon'ny Tompo rehefa reny fa narary i Lazarosy sakaizany (Jao.11 :4). Ny Tompo kosa dia milaza fa efa nentiny teo amin'ny hazo fijaliana ny ozona sy ny vokatry ny fisarahana tamin'Andriamanitra, fa ny tokony hatao dia ny manatona azy hodioviny, sy ampianariny ary tarihiny.
2. Ny batisa no manafaka antsika amin'ny lova ratsin'ny fahotan'i Adama sy Eva (ary ny teo aloha rehetra) ka mampiditra antsika ao amin'ny fahasoavany sy ny fahalalana tsara an'i Kristy. Ny batisa dia endriky ny fahariana vaovao na fahateraham-baovao izay ataon'Andriamanitra amin'izay mino ny Zanany, ka hanatonany iaikeny fa teraka jamba izy (mpanota sy nandova ota) ka manaiky hodiovin'ny Tompo amin'ny rany sy ny teniny.
3. Ny vita batisa dia mahita ny tenany ao amin'ity teraka jamba ity. Manoloana ny asan'i Kristy teo amin'ny fiainany dia misedra fanontaniana samihafa sy fijery samihafa (tsy misy *unanimité*), mifanehatra amin'ny fanoherana sy fiampangana sy fanarabiana ary fanilikilihana sy fandroahana izy. (Mat.10 :22 ; Jao.15 :18-20) Fa tahaka ilay teraka jamba dia meteza hihaino sy hankato, hijoro amin'ny finoana sy hiaro izany, hitory sy hijoro ho vavolombelon'i Kristy sy ny asany ka manaiky Azy ho Tompo sy Andriamanitra.
4. Misy olona tsy mahita afa-tsy ny fahagagana amin'ny endriny ivelany fa tsy mahalala ny tena heviny. Ny fahagagana dia famantarana (*signe*) izay natao hanondro sy hampahafantatra an'Andriamanitra sy ny fahasoavany ary ny heriny. Tsy azo afangaro ny mpanondro ny tondroina. Koa ny fahagagana dia natao hitondra antsika hahalala ilay Inoana dia Andriamanitra sy ny Fanjakany fa tsy natao ho fototry ny finoana na zavatra inoana.
5. <u>Tsy azo afenina ny fiovam-po.</u> Rehefa manapa-kevitra hanaraka ny Tompo ny olona iray dia hitan'ny olona eny aminy ihany ny fiovana nateraky ny finoana miorina tsara ananany, hany ka tsy fantatry ny olona intsony izy fa mampametraka fanontaniana sy adihevitra aminy fotsiny.(vakio 2Kor.5 :15-17 ; Kol.3 :3 ; <u>1Jao.3 :1b</u>)
6. Diniho ny amin'ireto ray aman-dreny.Tsy afaka ho sady Jiosy no kristiana isika, izany hoe sady ambanin'ny lalàna, mitoky amin'ny nofo, mandeha araka ny sain'olombelona no mandeha amin'ny finoana, eo ambany fahasoavana. Tsy afaka sady an'izao tontolo izao isika no an'Andriamanitra (1Jao.2 :15) Mila manao safidy mazava ny olona, indrindra ny milaza ny tenany hoe kristiana. Ny batisa dia safidy hentitra.
7. Misy ny kristiana mahafantatra tsara ny marina ary nahita maso ny asan'Andriamanitra saingy saro-tahotra sy osa ara-panahy ary saro-kenatra, hany ka tsy sahy mijoro amin'ny finoana sy mitory (mijoro ho vavolombelona) ka manome vahana ny fahavalo sy ny mpanohitra.
8. Ny Fariseo dia mahay ny lalàna, saingy jamba tsy mahita ny fahasoavana sy ny herin'Andriamanitra, hany ka fanamarinan-tena sy fiampangana ny hafa no vontoatin'ny asany (*mpitarika jamba ! manadino ny lehibe amin'ny lalàna dia ny rariny sy ny famindram-po ary*

ny finoana ; mitantavana moka fa mitelina rameva Mat.23 :23 sns…) Ny olona tafahaona tamin'i Kristy kosa dia tena zanak'i Abrahama, mandeha amin'ny finoana (mihaino, mankato, manambara (*témoigner, confesser*), mitsaoka sy manaja).

9. Ny olona mihevitra ho manana ny marina sy mifikitra amin'ny mahazatra sy ny fanaon'ny olona dia manjary latsaka ao anatin'ny lavaky ny avonavona ka tsy mety hazavaina sy havaozin'ny tenin'Andriamanitra intsony. Manjary mpanome lesona ho an'ny hafa fa tsy mety mandini-tena sy hahitsin'ny tenin'Andriamanitra intsony. Ireny no Jiosy moderna.
10. Ireto no dingan'ny finoana miorina tsara :
    a) Mino na dia tsy mahita aza (Jao.20 :24-31) ka mihaino ny teny sy mankato. Natoky an'i Jesosy ity lehilahy ity na dia tsy mbola nahita maso azy aza ka dia nahazo fanasitranana.
    b) Nanaiky sy nomba ny Tompo (*prendre position pour Jésus*) manoloana ny tsy mino. Tsy natahotra nanambara sy nijoro ho vavolombelona izy. Tsipihina tsara fa tsy mbola nahita maso Azy izy, nefa sahy niaro ny finoana (ny asan'i Jesosy sy ny fahamarinany) na dia nifanehatra tamin'ny betsaka sy lehibe noho izy aza.
    c) Tafahaona manokana tamin'ny Tompo izy, ka nandray fanambaràna mazava ny amin'Ilay Inoana. Samihafa ny nahita an'i Jesosy tamin'ny nofo fotsiny, tahaka ireto Jiosy ireto, sy ny nihaona tamin'ny Tompo marina tokoa ka nandray ny tena finoana (avy amin'Andriamanitra) sy mitsaoka Azy (manaiky azy ho Tompo ao am-po). Efa tafahaona tamin'ny Tompo ve ianao ? Sa lalàna sy fahafantarana ara-tsaina ary fombafomba fotsiny no ivavahanao sy maha-kristiana anao ?

11. Ao anaty Fiangonana ao dia mbola misy ireo toy ireo olona nanodidina ity lehilahy teraka jamba ity izay mitoky amin'ny hita maso sy mahazatra fotsiny ka tsy mahita ny asan'Andriamanitra ao amin'ny miafina sy lalina (vakio 2Kor.5 :7).

    Ao anaty Fiangonana ao dia mbola misy ireo toy ireo Fariseo, mifikitra amin'ny lalàna sy fomba fanao ary mampiasa ireny hitsaràna olona sy hanamarinan-tena, hany ka tsy afaka mampiseho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitiavany izay miasa ho amin'ny famonjena ny fanahy fa mitaiza ny olona amin'ny fireharehana sy ny avonavona ary ny ny fomba ivelany kosa.

    Ao anaty Fiangonana ao dia mbola misy ireo toy ireo ray aman-dreny, mahafantatra tsara sy nahita saingy toy ilay voa nafafy tamin'ny tany marivo ambony vatolampy ka raha vao tojo ny fanoherana sy ny sarotra dia mihemotra. (Mat.13 :20-21)

12. Fa ao anaty Fingonana ao koa dia misy olona tahaka ity lehilahy ity, nandre ny Filazantsara, nihaino sy nankato ary nandray ny fahazavana sy nitory. Olona nandray ny Tompo, tonga olom-baovao ka nanjary fahazavana ho an'ny olona, afaka manambara marina an'i Jesosy Kristy (Nanasitrana ahy Izy, Mpaminany Izy) Enga anie ka ho isika izany, izay irahin'ny Tompo ho amin'izao tontolo izao, ho vavolombelona hanambara mba hinoan'ny olona noho ny tenintsika sy ny asantsika (vakio Jao.17 :20).

Fehiny

Jesosy no, na ilay irak'Andriamanitra (Siloama) na mpisandoka. Mila misafidy mazava isika. Ilay teraka jamba dia nifidy ny anjara tsara ka dia nahiratra, ary nahita ny Mpamonjiny.

Ny Fariseo dia nifidy ny ho mpanompon'ny lalàna ary nirehareha tamin'izany. Hainy ny lalàna dia nihevitra izy fa hainy ny zavatra rehetra. Nifidy ny hohamarinin'ny lalàna izy ka dia nihevitra fa manan-kavaly amin'ny rehetra, marina amin'ny rehetra. Nihambo ho mahay ny zavatra rehetra izy kanefa tsy fantany fa hay jamba izy. Nihambo ho marina amin'ny zavatra rehetra izy kanjo tsy fantany fa mpanota izy. Io anefa no tampony amin'ny fahotana, dia ny tsy fanekena fa mpanota mitoetra ao amin'ny haizina ny tena. Io ilay fahotana tsy mitondra fibebahana, fahotana tsy hanantenana fiovana. Io no ratsy indrindra amin'ny aretina satria tsy hanantenana fanasitranana na oviana na oviana.

Ity lehilahy ity no mampisokatra ny masontsika amin'ny lalan'ny tena finoana miorina sy lalim-paka. Lalana mitondra ny mino avy amin'ny aizina ho amin'ny mazava (1Pet.2 :9). Fantany fa tsy mahafantatra izy (*ignorant*) ka izany no tsy nanaovany fanazavana firy fa nihanona nitantara ny zavatra niseho izy, saingy ny fiaikeny ho tsy mahalala *« Tsy fantatro »* (12) dia nanosika ny Tompo hanampy azy hihaona Aminy sy hanambara ny Tenany taminy : *« Izao miresaka aminao izao no Izy »* (37) Ity lehilahy ity no mampisokatra ny masontsika amin'ny lalan'ny tena batisa, lalana mitondra ho amin'ny fahiratana ara-panahy sy ny fiovam-piainana marina sy maharitra, isokafantsika amin'ny haben'ny haren'ny fahasoavan'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa, ka hanefeny antsika ho amin'ny asa tsara izay namboarin'Andriamanitra rahateo handehanantsika eo aminy. Ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay. Amen.

Androany 25 janoary 2017
Elysée ANDRIAMIANDRA, Mpitandrina
Toulouse